Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHANA MIVAVAKA 16 APRILY 2020

Lohahevitra : Miorina ao amin'ny Krsity
Matio 5. 10-16

Mitarika : Pst Toky Rakoto

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina

Salamo 70. 1-5

Andriamanitra ô, faingàna hanafaka ahy! TOMPO ô, faingàna hamonjy ahy! Aoka ho menatra sy hangaihay izay mitady ny aiko; aoka hiamboho sy ho afa-baraka izay faly amin'ny manjo ahy! Aoka hiamboho noho ny fahamenarany izay miteny hoe: Hia! Akory izay! Aoka hifaly sy ho ravoravo Aminao izay rehetra mitady Anao! Ary aoka izay tia ny famonjenao hiteny mandrakariva hoe: Hankalazaina anie Andriamanitra! Fa izaho dia ory sy mahantra. Faingàna hankaty amiko, Andriamanitra ô; Mpamonjy sy Mpanafaka ahy Ianao. Aza ela, TOMPO ô!

- Hira FFPM 44 – Indro Jeso, mba vohayrr (1,2)

Vavaka

Fampidirana

- Hira FFPM 268 – Jesosy no Mpiandry ny Fiangonanay (2,5)

Vakiteny 1 - Mat 5. 10-12

10 Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana, fa azy ny fanjakan'ny lanitra.
11 Sambatra ianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny Amiko. 12 Mifalia sy miravoravoa ianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo

- Hira FFPM 319 – Mba iraho ny Fanahy ry Jesosy Tompo ô! (1)

Vavaka isam-pianakaviana

- Fisaorana an'Atra noho ny fifidianany @ fahasoavany
- Fifonana aminy noho ny tsy fahatanterahana manoloana ny antson'Atra

1. Mba iraho ny Fanahy
Ry Jesosy Tompo ô!
Mba hanampy sy hitahy
Ny mpiasa irakao.
Tany mafy no asaina,
Nefa kely izahay,
Marobe no tsy misaina,
Raha itorianay!
Tanteraho re ny toky,
lzay nomenao fahizay,
Ka mombà anay mpitory
Mandra-podimandrinay!

- Fanoloran-tena eo ampelatanan'Atra mba ho tefeny sy ampahereziny amin'ny alalan'ny fanahy masina ka ho fanjakam-pisorona sy firenena masina ny ankohonana

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 2 - Mat 5. 13

13 Ianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny sira no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin'ny olona.

- Hira FFPM 319 – Mba iraho ny Fanahy ry Jesosy Tompo ô! (2)

2. O, ry Masoandron'aina,
Hazavao ny namanay,
Mba fafazo andon'aina,
Fa efa toy ny tany hay;
Tapa-kazo no hajainy,
Ka tsy fantany ny To:
Feno aizina ny sainy,
Efa momoka sy lo;
Ny sikidy mahavery
No ataony solonao,
Sampy vato, hazo kely
No hajainy toa Anao.

Vavaka isam-pianakaviana

- Fisaorana an'Atra amin'ny faharetany amin'ny famindram-po sy ny fitiavany tsy miova
- Fanolorantena mba ho fantsona madio eo an'elan'el' Atra sy ny ankohonana ny isam-batan'olona

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 3 - Mat 5. 14-16

14 Ianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. 15 Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fitoeran-jiro izany mba ho fanazavana ho an'izay rehetra ao an-trano. 16 Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo mba hahitany ny asa tsara ataonareo ka hankalazany ny Rainareo izay any an-danitra.

- Hira FFPM 319 – Mba iraho ny Fanahy ry Jesosy Tompo ô! (3)

3.Averenonao ireny
Mba ho tonga olonao;
Tadiavo tsy ho very,
Raiso re, fa lovanao!
Entonao ny famonjena
Ka ovay ny fony izao;
Aoka hisy sesehena
Ny hanaiky ho Anao!
Dia hiova re ny tany
Ka hanjary lonaka,
Ary hisy voa mamy
lzay ho tena vokatra.

Vavaka isam-pianakaviana

- Misaotra an'Atra noho ny famonjena ao @ Jesosy Kristy
- Fangatahana ny asan'ny fanahy masina ho fahazavana eo amin'ny manodidina azy ny ankohonana mihaino izao fandaharana izao
- Fangatahana amin'Atra mba ho fahazavana eo @ firenena ny FPMA

Vavaky ny mpitandrina

Hafatra

Fa maizina ianareo fahiny, nefa efa mazava ao amin'ny Tompo kosa ankehitriny. Mandehana tahaka ny zanaky ny mazava satria ny vokatry ny mazava dia ao amin'ny fahatsaram-panahy rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahitsiana. Fantaro izay ankasitrahan'ny Tompo, ary aza miombona amin'ny asan'ny maizina tsy mahavoka-tsoa, fa aleo mampahafantatra izany - Efesiana 5:8-11

- Hira FFPM 319 – Mba iraho ny Fanahy ry Jesosy Tompo ô! (4)

4 . Aoka re mba tsy ho rava
Ny mazava hitanay!
Mba handraso lalandava
Ny anjara-asanay.
Mba ho dera aman-daza
Ho Anao, ry Tomponay!
Hatanjaho ny mpiasa,
Dia tsy mba hety fay;
Aoka re ny olo-mino
Mba hamory ho Anao,
Ka hitombo be ny mpino
Hiandany Aminao.

Tsodrano (Nom 6. 24-26)